
APRILY 2021

# FANDRAISANA NAOTY

## AMIN'NY FIHAONAMBEN'NY FIANGONANA MANERAN-TANY





**TARI-DALANA HO ANAO MBA HANDRAY FANAMBARANA HO AN'NY TENA MANOKANA EO AM-PANDRAISANAO ANJARA AMIN'NY FIHAONAMBEN'NY FIANGONANA MANERAN-TANY**

# MANOMBOKA ETO

## ny dingana ahazoana fitaomam-panahy

Ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany dia fotoana iray tena lafatra hanararaotan'ny Tompo iresahana aminao mivantana. Rehefa miteny ireo mpanompon'ny Tompo dia hijoro ho vavolombelona ny amin'i Jesoa Kristy ny Fanahy Masina (jereo ny Jaona 15:26) ary hampianatra anao "ny zavatra rehetra tokony hatao[nao]" (2 Nefia 32:3). Alaivo sary an-tsaina hoe rehefa mihaino ombam-bavaka sy amin-kitsimpo izay lazain'ireo mpandaha-teny ianao dia afaka manome anao fanambarana ho anao manokana ny Tompo! Holazainy anao izay zavatra tiany ho fantatrao, sy izay ilainy hataonao. Ity kisary eto ambany ity dia maneho ny fomba fiasan'izany:

### KOA ATOMBOHY DIENY IZAO ARY NY FIOMANANA #HIHAINOAZY

- Mivavaha mba hitaoman'ny Fanahy Masina anao.
- Soraty izay fanontaniana mety ananana.
- Manaova drafitra hihaino na hamaky zavatra betsaka araka izay azonao atao amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany.



**MIHAINOA NY "FEON'NY TOMPO" EO AM-PIHAINOANAO NY MPANDAHA-TENY TSIRAIRAY**
(jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 68:3–4).



**HITENY AMINAO AO AM-PONAO SY AO AN-TSAINAO NY FANAHY MASINA**
(jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 8:2–3).

**SORATY IREO FAHATSAPANA VOARAINAO**
(jereo ny 2 Nefia 29:11).



**MANAOVA ASA ARAKA IZAY ZAVATRA IANARANAO SY TSAPANAO**
(jereo ny Jaona 7:17; 1 Nefia 3:7).

# FIVORIANA SABOTSY MARAINA

Ny Tompo dia nanome aingam-panahy ny mpandaha-teny tsirairay avy hahazo hafatra manokana izay tiany hozarain'izy ireo. Hanome hafatra amin'ny alalan'ny Fanahy Masina izay natao ho anao manokana ihany koa Izy. Henoy izy roa ireo eo am-pandraisanao anjara amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany.


### INONA NO NIANARAKO MOMBA AN'I JESOA KRISTY ANDROANY?

Inona no tsapako fa ezahin'ny Tompo ampianarina ahy androany?

**"NY TANJON'ITY FIHAONAMBE ITY SY NY FIHAONAMBE MANERAN-TANY REHETRA DIA NY HANAMPY ANTSIKA HIHAINO AZY."**

Filoha Russell M. Nelson[1]

Inona avy ireo hafatra nanan-danja tamiko? Nahoana?



Inona ary no hataoko izao?

# FIVORIANA SABOTSY TOLAKANDRO

Rehefa manoratra ireo zavatra tsapanao ka voarainao amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany ianao dia maneho ny Tompo ny fanirianao mba ho ampianariny. Rehefa mampihatra izay zavatra ampianariny anao ianao, dia ho lasa mitovy Aminy kokoa.

**INONA NO TSAPAKO FA TOKONY HATAOKO MBA HANAKAIKEZAKO NY MPAMONJY BEBE KOKOA?**

# FIVORIANA SABOTSY HARIVA

Mivavaha mba hampianaran'ny Fanahy Masina anao eo am-pandraisanao anjara amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany. Hanome anao hevitra izay natao manokana ho anao Izy. Raketo ireo zavatra tsapanao ireo ary manaova drafitra mba hanaovana asa mifanaraka amin'izany.

## INONA NO NASAINA NATAOKO KA HANAMPY AHY HITOVY KOKOA AMIN'I JESOA KRISTY?



**"NY ZAVATRA *VOALAZA* DIA TSY MANAN-DANJA TAHAKA NY ZAVATRA *RE* NTSIKA SY *TSAPA[TSIKA]*."**

Loholona Robert D. Hales[2]

# FIVORIANA ALAHADY MARAINA

Rehefa mihaino na mamaky ireo hafatra amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany ianao dia raiso an-tsoratra ireo fahatsapana ara-panahy voarainao. Inona avy ireo fahamarinana ampianarina? Inona no manan-danja indrindra aminao?

**AHOANA NO NAHATSAPAKO NY FITIAVAN'NY MPAMONJY NANDRITRA ITY FIVORIANA ITY?**







**"TONGA IREO FOTOANA ARA-PANAHY IZAY HANAMARIKA ANTSIKA REHEFA MIHAINO NY FIHAONAMBE MANERAN-TANY AO ANATIN'NY FANAHIN'NY VAVAKA ISIKA ARY REHEFA MITANDRINA TSARA KOKOA NY DIDY."**

Loholona Neil L. Andersen[3]

# FIVORIANA ALAHADY TOLAKANDRO

Zava-dehibe ny mihaino ireo hafatra izay ampianarin'ny mpandaha-teny tsirairay avy. Zava-dehibe toy izany koa ny mihaino ireo hafatra izay ezahin'ny Fanahy Masina ampianarina anao.

## INONA NO NIANARAKO MOMBA NY SOROMPANAVOTAN' I JESOA KRISTY?

**"IREO IZAY HITENY AMINTSIKA DIA EFA NIKATSAKA NY FANAMPIANA SY NY FITARIHAN'NY LANITRA TEO AM-PANOMANANA NY HAFATRA HOZARAIN'IZY IREO. . . . ENGA ANIE ISIKA MBA HO FENO NY FANAHIN'NY TOMPO REHEFA MIHAINO SY MIANATRA, IZANY NO VAVAKA ATAOKO."**

Filoha Thomas S. Monson[4]

# MIALA VOLY KELY

## Hitanao ve ireo zavatra mifandray?


Ireto misy andian-javatra mandeha tsiroaroa hita ao amin'ny soratra masina. Ampiasao ireto andinin-tsoratra masina ireto mba hanampiana anao hampifandray ireo zavatra eo amin'ny ankavia amin'ireo zavatra eo amin'ny ankavanana.


- Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:77, 79
- Almà 32:26–30
- Jaona 10:14–15
- 1 Samoela 17:38–40, 46–50
- Marka 6:34–44




## Fanamby Tangram

Ny tangram dia piozila Sinoa fahiny. Hetezo ireo sarisary eo amin'ny ankavia dia jereo raha afaka mamerina manamboatra ny endriky ny sarivongan'ny anjely Môrônia sy ilay labozia ary ilay voromailala haseho eto ianao. Afaka mamorona endri-javatra hafa koa ve ianao?







## Mifandraisa amin'ny Fihaonambe

Araho ny tariby tsirairay avy mba hifandraisana amin'ireo fomba samy hafa handraisana anjara amin'ny fihaonambe.

# Koa **INONA ARY IZAO NO ATAO?**

Mety hoe vita ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany fa ny traikefanao avy amin'ny zavatra nianaranao kosa dia vao manomboka. Inona no hataonao mba hanaovana asa mifanaraka amin'ny zavatra renao sy tsapanao? Angamba misy zavatra betsaka izay tsapanao fa azonao hanaovana ezaka, saingy tsy afaka manao azy rehetra indray mandeha ianao. Ireto misy fanontaniana vitsy hanampiana anao handrafitra ireo dingana manaraka ho ataonao:

**1.** Inona no tsapanao fa tokony hataonao foana na hovainao eo amin'ny fiainanao?

**2.** Inona amin'ireo no tsapanao fa manan-danja indrindra ka tokony hanaovanao asa amin'izao fotoana izao?

**3.** Inona no tanjona azonao apetraka na averina apetraka mba hotratrarina?

**4.** Iza no azonao angatahana mba hanampy anao?

FANAMARIHANA

1. Russell M. Nelson, "Hafatra fanokafana," fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany, apr. 2020 (*Liahona*, mey 2020, 7).
2. Robert D. Hales, fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany, ôkt. 2013 (*Liahona*, nôv. 2013, 6).
3. Neil L. Andersen, fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany, apr. 2020 (*Liahona*, mey 2020, 21).
4. Thomas S. Monson, "Tongasoa eto amin'ny Fihaonambe," fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany," ôkt. 2009 (*Liahona*, nôv. 2009, 6.
5. M. Russell Ballard, fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany, apr. 2020 (*Liahona*, mey 2020, 11).

# FITAOMAM-PANAHY HO ANAO

**“RAHA EO AM-PIHAINOANA NY FANAHY ISIKA MANDRITRA ITY . . . FARAN’NY HERINANDRO ITY, DIA ERITRERETO HOE INONA NO FANATITRA HATERINAO HO AN’NY TOMPO AMIM-PAHAMARINANA AMIN’IREO ANDRO HO AVY MANARAKA. AOKA IANAO HO BE HERIM-PO. ZARAO AMIN’NY OLONA IRAY ATOKISANAO IZANY ARY INDRINDRA INDRINDRA MAKÀ FOTOANA HANAOVANA IZANY!”**

Filoha M. Russell Ballard[5]

## MBOLA MILA BOKY FANDRAISANA NAOTY AMIN’NY FIHAONAMBE FANAMPINY VE IANAO?

Sintony sy ataovy printy ity boky fandraisana naoty ity ao amin’ny **conference.ChurchofJesusChrist.org**.

© 2021 an’ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved.

Ny fahazoana lalana hamerina hanonta printy ity boky ity dia omena raha ho ampiasain’ny tena manokana fa tsy atao hitadiavam-bola. Tafiditra ao anatin’izany ny fanomezan-dalana ireo mpitarika ao amin’ny paroasy mba hanonta printy boky vitsivitsy ho an’ireo izay tompoin’izy ireo ao anatin’ny antsony. Tsy maintsy atao printy manontolo ireo kiboky. Tsy tafiditra ao anatin’izany ny fanomezan-dalana hamoahana izany en ligne, na hampiasana izany amin’ny zavatra hafa, na mizara ity boky ity amin’ny hafa. Mitaky fahazoan-dalana izay mety ho fomba fanampiny tiana hampiasana ity boky ity.

**permissions.ChurchofJesusChrist.org**

NY FIANGONAN’ I JESOA KRISTY HO AN’ NY OLOMASIN’ NY ANDRO FARANY